# ALAHADY TSOTRA FAHA-25 MANDAVANTAONA TAONA B 2024



## “NY FIALONANA MANDRAVA FITIAVANA, NY FANETREN-TENA AHAVITANA SOA”

Ry kristianina havana malala, araka ny fanantenana natao tamintsika dia ho fivelomana ny vokatry ny KEN 2024 dia tohizantsika amin’izao taona pastoraly manomboka ny SINAODY FIJANONANA FAHA-3 dia ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFANASOA SY MIFAMPITSIMBINA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA. Ho tonga any amintsika tsy ho ela ny torolalana na lineamenta entintsika mikatroka madinika azy. Manantena antsika jiaby hiatrika ny Sinaody.

Fa anisan’ny fivelomanana an’izany koa ny fankalazana aty Anivorano. Feno 70 taonan’ny batemy voalohany teto. Izany indrindra no nodinihin’izy ireo nandritra ny taona : “Nataonao inona ny bateminao?” Miankina amin’ny valintenintsika mitambatra sy isaky fikambanana sy firohotana ary asam-baomiera no hahafantarana fa efa latsa-paka ny finoana. Izany hoe tsy finoana entim-pahazarana intsony fa finoana velona latsa-paka. Isika eto Anivorano no afaka mamaly an’izany ary isika eto amin’ny diosezy ihany koa?

Vakiteny I : (Fah 2,12.17-20
Tononkira : Salamo 53
Vakiteny II : Jak. 3,16-4,3
Evanielv : Mk. 9,29-36

Hahatonga ny finoana ho latsa-paka no tanjon’izao fankalazana izao. Ny tenin’Andriamanitra rahateo manampy antsika handinika izany amin’izao Alahady faha-25 mandavantaona izao. Ny finoana tsy marim-pototra tsy mitondra amin’ny tena fiainana ka vao mainka mifanapotika. Maninona tokoa moa I Jesoa no mampahatsiahy matetika ny fijaliany sy ny fahafatesany?

Imbetsaka tokoa i Jesoa no manambara ny fijaliany sy ny fahafatesany. Ao amin’ny Evanjely nosoratan’i Md Marka dia intelo i Jesoa no nampianatra sy nanambara mialoha tamin’ireo mpianany ny Misterin’ny Pakany. Ny voalohany dia efa henontsika tamin’ny

Alahady lasa teo : *Ny Zanak'olona dia tsy maintsy hijaly mafy sy hatosiky ny loholona mbamin'ny lohandohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ary hovonoina, fa hitsangana indray raha afaka hateloana (Mk* 8,31), sady nataony mazava tsara ny filaza izany. Ny faharoa dia izay nohenointsika androany: *Hatolotra eo an-tanan'ny olombelona ny Zanak'olona, dia hovonoiny fa hitsangan-ko velona Izy raha afaka hateloana aorian'ny nahafatesany (Mk* 9,31). Ny fahatelo kosa indray dia ny hoe: *Indro fa miakatra ho any Jerosalema isika, ary ny Zanak'olona dia hatolotra amin'ny lohandohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ary hohelohina ho faty ka hatolony amin'ny Jentily ; dia hoesoiny, hororany, hokapohiny, ary hovonoiny, fa hitsangana indray amin'ny andro fahatelo {Mk* 10,33-34).

Ny antony voalohany dia mifaningotra amin'ny Paka ny fijaliany sy fahafatesany izany hoe amin'ny famonjena ka azo lazaina amin'ny fiainantsika. Noho ny batemy vokatry ny Paka dia iray aina amin'I Kristy. Ny fiainan'I Kristy no fiainantsika. Mila mibebaka isika amin'izany. Io fibebahana io no azo lazaina fa hafatra tian'ireo vakiteny ampitaina amintsika.

Raha ny vakiteny androany tokoa no jerena dia misy antony manokana. Tsy tantin'ny olona ny mahita olona marina, « Mpaminany » izany hoe ireo voafidin'Andriamanitra hitory ny sitrak'Andriamanitra eo anivon'ny vahoaka. Izay no voalazan'ny vakiteny voalohany, Boky ny Fahendrena. « Helohy ho faty amin'ny fahafatesana maha-afa-baraka Izy ».

Asongadin'ny hafatr'i Md Jakoba fa izay misy fialonana sy fifampiandaniana no loharanon'ny korontana rehetra.

Azontsika hognona tsara amin'izao nahoana isika no hiatrika ny sinaody. Satria maro ny zavatra mila arindra ary indrindra isika avy niatrika ny KEN 2024 mba tsy ho very izay natrehantsika ka ahafahantsika mitrandraka izay nankalazaintsika ka miroso isika handamina ny pastôraly fa indrindra hanana toro-lalana pastoraly DIRECTOIRE PASTORAL.

Andeha aloha hiverina amin'ny tenin'Andriamanitra. Azo lazaina fa mananjara ireo mpianatr'i Jesoa satria nanambaràny ny tsiambaratelon'ny fiainany sy ny Fanjakan'ny lanitra. Nobeaziny manokana. Zava-dehibe tokoa io Misterin'ny Paka io, ka dia nampianariny sy naverimberiny imbetsaka. Ny fiainana fanarahan-dia an'i Jesoa dia tsy inona fa fiainana ny Misterin'ny Pakany isan'andro. Marina fa hoe natolotra sy novonoina i Jesoa, fa Izy mihitsy ihany koa no nanolotra ny Tenany, nanaiky ho faty mba ho famonjena antsika, noho ny fitiavana. Hoy indrindra i Md Joany hoe: *Tsy misy manam-pitiavana lehibe indrindra noho ny mahafoy ny ainy ho an'ny sakaizany.* Tsy maintsy mandalo Zoma masina izany vao afaka mifaly amin'ny fandresena sy ny fitsanganan-ko velona amin'ny Alahadin'ny Paka. Io ilay lazaintsika fiainana eokaristika.

Fa na dia nambaran'i Jesoa aza izany Misterin'ny Paka izany izay fototra ny finoantsika dia tsy azon'izy ireo, mpianatra, ny heviny, kanefa dia tsy sahy nametraka fanontaniana taminy izy ireo. Natahotra sao dia ho voahozongozona ny fihevitr'izy ireo ny momba an'i Kristy, handalo fahafatesana ve Izy ? Na dia zava-dehibe tokoa aza ny fanambaran'i Jesoa ny hanjò Azy ireo mpianatra kosa dia toa manodina resaka, ka mifanditra amin'izay ho lehibe amin'izy ireo teny an-dalana. Toa irery i Jesoa na dia niaraka tamin'izy ireo teny an-dalana aza, satria taorian'ny nanambarany ny misteriny, dia zavatra hafa no noresahin'izy ireo.

Izay ihany koa ny nanjo antsika teo am-panomanana ny KEN ary isika miatrika indray ny SINAODY izao. Mavozo isika satria efa nisy lamina mahazatra ka tsy tiana hisy korontana. Io no mahatonga ny Papa François mananatra antsika : «*Raha mandalo vanim-potoana sarotra ny fiainan'ny Eglizintsika ka voan'ny fakam-panahy mitarika antsika hisafidy fiainana milamindamina tsy te-hivaky loha, toa izay hiroso amin'ny fihavaozana atolotr'Andriamanitra dia tsarovy fa famantarana manambara zava-dratsy izany amin'ny fiainan'izay vita Batemy. Mitory izany fa mialokaloka mitady hanohitra ny rivotra entin'ny Fanahy Masina isika. Raha mitady hivelona amin'ny fomba mahazatra tsy te-hiova, tsy te-hihavao amin'ny tsaratsara fa mifikitra amin'ny hevitra lomorina dia fantaro fa fambara ratsy izany amin'ny fiainam-panahy. Mitsoka ny Fanahy Masina saingy isika matevin-koditra. Imbetsaka anefa isika no mahita ny asa mahagaga ataon'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainana.*".

Nampiantso ireo mpianany i Jesoa rehefa tonga tany an-trano, ka nilaza mazava sy nampiditra tao am-pon'izy ireo ny tokony ho toe-pon'izay manara-dia Azy. Izay ihany koa no ataontsika vita ny KEN miroso amin'ny SINAODY fijanonana faha-3. Hiara-hifampidinika isika, hiara-hivavaka mba hahatakatra ny sitrapon'Andriamanitra fa indrindra ny hafatr'i Jesoa tamin'ny mpianany: *Izay te ho voalohany no ho farany indrindra sy ho mpanompon'ny olona rehetra.* Tsy maintsy tsapantsika amin'ny dinika rehetra ataontsika fa tsy ny lojikan'izao tontolo izao no arahintsika. Izany no ambaran'i Md Jakoba. Ny olon'izao tontolo izao no mitady sy miady seza, te-ho lehibe, amin'izay afaka mandidy sy manapaka. Tsy mba toy izany ny fomba fisainana amin'ny fîtoriana ny Vaovao mahafaly. Fiheverana sy toe-tsaina vaovao no tian'i Jesoa ananan'ireto mpianany. Izy no ohatra: Na tao amin'ny *fomban'Andriamanitra aza Izy ... naka ny fomban'ny mpanompo,... ary nilatsa-tena ho ambany, nanolo-tena hanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia fahafatesana tamin'ny hazofijaliana (Fil* 2,6-8). Izay te ho voalohany no manompo. Voalohany i Jesoa satria nilatsaka ho mpanompo. Izy … *Io no lalan'ny EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA.* Mazava amintsika ankehitriny ny dikan'ny hoe fiainana eokaristika naverimberina tamin'ny KEN.

Ambaran' i Jesoa amin'ny mpianatra tsy mihambahamba ny toe-panahy. Io ihany koa izany no tsy maintsy atrehintsika izao SINAODY izao raha tiantsika hamokatra **:** *Izay handray ny zazakely handray an'i Jesoa sy ny Ray.*

Nanampy an'izany teny izany koa ny fihetsika nataon'i Jesoa, izay nandray zaza anankiray, napetrany teo afovoany ary nofihininy: Na Iza *na iza handray anankiray amin'ny zazakely toy itony amin'ny Anarako, dia handray Ahy, ary izy mandray Ahy dia tsy mandray Ahy, fa mandray izay naniraka Ahy.*

Fantatsika anefa ny anjara toeran'ny zaza eo anivon'ny fiaraha-monina. Mbola misongadina eto indray ny mahasamihafa ny lojikan'izao tontolo izao sy lojikan'i Jesoa. Mila fiovam-penitra mahery vaika eo amin'ny fomba fisainana io hafatr'i Jesoa io. Izay tsy vitany nataony fampianarana fa nasehony mihitsy ka nandray zaza izy. Ny zaza ihany koa dia ilazàna ny madinika eo amin'ny fiaraha-monina (ny mahantra, ny fadiranovana, ny tsy misy mpiahy, tsy misy fiarovana…). Ireny indrindra no anehoan'i Jesoa fitiavana, fihininy. Izay mandray ny zazakely, ny madinika amin'ny Anarany dia mandray Azy. Endrik'i Jesoa ankehitriny izy ireo. Ambaran'i Jesoa ihany koa fa izay mandray Azy dia mandray ny Ray izay naniraka Azy.

Raha miverina amin'ny SINAODY isika dia io fiombonana amin'ny madinika io no lalan'ny fitoriana. Zava-dehibe tsy maintsy imasoantsika ny fahaizana mandray ny olon-drehetra mila vonjy sy te haka hevitra amintsika. Tsy hisy anefa ny fandraisana raha tsy misy ny MIHAINO. Anisan'ny kendrentsika amin'ny dinika rehetra ny fahaizana mihaino handraisana izay voalazan'i Md Jakoba amin'ny vakiteny faharoa. Ny fahaizana mihaino, ny fandraisana hafa dia azo lazaina fa zanaky ny fitiavana. Efa noraisina sy nankaherezina ary notiavin'Andriamanitra isika ka hanao izany amin'ny hafa ihany koa: mamaly fitia. Tsy ampy anefa ny mandray, na ny manampy izay tonga amintsika, fa tsy maintsy mandeha mitady sy mamangy azy ireny mihitsy isika. Izany hoe tsy maintsy EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA eo anivon'izao tontolo izao. Tsy mandeha ho azy izany. Izany indrindra no mahatonga antsika manao izao SINAODY izao.

Ambaran'ny Bokin'ny Fahendrena izay mampisongadina fa ny fijoroana ho vavolombelona dia tena manahirana an'izao tontolo izao izay fantatsika fa anjakany ny lainga sy ny fitapitaka sy ny risoriso ary FIHATSARAM-BELATSIHY. Milaza miara-mahita raha manambara izany. Ambaran'ny Bokin'ny Fahendrena àry aoka tsy havozo fa hijoro hatrany amin'ny maha-mpivavaka, amin'ny maha-kristianina, amin'ny maha-kristy mpiara-belona na dia eo aza ny fanenjehana sy ny fitsapana maro. Misy fiavahany tokoa ny fisainana sy ny fomba fiainan'ny mpino sy ny tsy mpino. Manelingelina ny tsy mpino ny fitondran-tena sy ny fiainan'ireo mpino. Toa mianan-kendry, hoy izy ireo, satria ny fiainany dia mifanohitra amin'ny azy ireo. Manorisory ka tiany hotsapaina sy hofongorana mihitsy: *Ifanakony ny marina, satria manahirana antsika izy, manohitra ny fomba fanaontsika, maniny antsika amin'ny fandikana ny lalàna, ary manome henatra antsika ho tsy mifanara-toetra amin'izay nampianarina antsika.* Na amin'izao andro iainantsika izao aza dia misy tokoa ny fankahalana sy ny fanenjehana ataon'ny hafa raha tena mijoro amin'ny fahamarinana isika, tsy mena-maso, tsy mena-miteny manoloana ny tsindry hazo lena, ny tsy rariny sy ny fanambakana atao amin'ny madinika. Hoy ireo tsy mpino hoe: *Sedrao amin'ny latsa amam-*pijaliana izy hoe, hahitana izay fandeferany, hitsapana izay faharetany. Helohy ho faty amin'ny fahafatesana mahafa-baraka izy, satria araka ny filazany dia hoahin'Andriamanitra izy.

Misy ifandraisany amin'ny fiainan'i Jesoa tokoa izay lazain'ny Bokin'ny Fahendrena. Ireo tsy mpino manenjika dia tsy iza fa ireo nanolotra, nanenjika, nanendrikendrika, nampijaly, ary namono an'i Jesoa. Ny anton'izany dia satria Izy nilaza Azy ho Zanak'Andriamanitra, nijoro tamin'ny fahamarinana, tsy nisorona fa nilaza ny marina sy nanitsy ny tsy mety. Alao hery àry, ry kristianina havana, i Jesoa mihitsy no môdely ho antsika. Tsarovy fa aorian'ny fijaliana sy ny fahafatesana dia misy ny fandresena sy ny fitsanganan-ko velona.

Ambaran'i Md Jakoba ao amin'ny Vakiteny faharoa ihany koa ny fifanoherana misy eo amin'ny fahendrena avy any ambony sy ny fisainan'ny olon'izao tontolo izao. Fantatry ny Mpanoratra tsara fa misy ao amin'ny olombelona nofo sy rà ny fialonana, ny fifampiandaniana, ny fikorontanana sy ny asa ratsy isan-karazany. Ny fomba sy vahaolana mba hialàna amin'izany dia ny fametrahana FIHAVANANA SADY KRISITIANA NO MALAGASY HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO. Io no manova ny fo sy ny fiainan'ny olona mankany amin'ny tsara hatrany. Tanisain'i Md Jakoba ireo toetoetra valon'ny fahendrena avy any ambony: *Madio, tia fihavanana, mandefitra, mora toroana, be indrafo amana voka-tsoa,*

*tsy miangatra, tsy mihatsaravelatsihy.* Angatahontsika amin'Andriamanitra ireo fahasoavana ireo, ary iezaho ny hampihatra azy eo amin'ny fiainana. Ambaran'i Md Jakoba ihany koa fa ny ady amam-pifandirana dia avy amin'ny filandratsin'ny nofo. Io no fototry ny fahotana: fitsiriritana, tsy fahalalana onony, mety ho tonga hatrany amin'ny famonoana olona aza izany. Anjarantsika àry ny miady sy manohitra amin'ny haratsiam-panahy manimba, misakana antsika tsy hiaina ny fahamasinana sy ny fiainana maha-kristianina araka marina. Matetika tokoa diso ady atrehina isika : Tsy ny ratsy no iadiana fa ny rahalahy. Mila miova izany mba ho afaka hanorina FIANAKAVIAM-BEN-JANAHARY, FRATELLI TUTTI, OLO ARAIKY ISIKA JIABY HAMETRAKA FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO.

Jesoa Tompo Zoky ô ampio izahay hiova ka hiasa ho an'ny Evanjely. Ny Fanahy Masina anie hanilo anay mandritra izao SINAODY FIJANONANA FAHA-3 TROISIEME SESSION izao ka ny dinika ataonay hanampy anay ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Masina Maria Renin'ny Eglizy mila rady aminao izahay ahafahanay mijoro ho tena vavolombelona. Ampianaro izahay hiova fo ka hanahaka ny fonao. Hanana fanetren-tena tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany mivavahà ho anay fa indrindra ireo tompon'andraikitra rehetra na eo anivon'ny Eglizy na eo anivon'ny fiaraha-monina hanana fon-dray ka hiahy ny madinika mandrakariva. Amena

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson